Fiainam-pirenena 2

**Mihàtra eto amintsika ny "maty tsimanota"**

Ny Valosoa sy Hadihady 3

**Tian-kano tsy tian-kano no terena atao amin'ny vahoaka**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 25 novambra 2023 Laharana 1499 Vidiny : **600 Ar**


Paraina Auguste 2

**Ompa ho azy ny filazana fa hiara-hiasa amin'i Andry Rajoelina**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Raharaham-pirenena 3

# Nihaona indray ny vovonana PAN/FFKM sy ny vondron'ny kandidà





## Kandida Siteny 7

# Mangataka fanafoanana ny fifidianana sy fanintsanana an-dRajoelina




## Fanitrihana ny mahery fo Ninie Donia 2

# Henin-kaja ny ankohonany ny fianakaviana ary Nosy-Be manontolo



## Fikambanana Adopt any Toamasina 2

# Manameloka ny antsojay atao amin'ny Pr Sammy Gregoire



**Ralaiarimanana, filohana antoko mpihira** 3

**Tsy azo ihodivirana ny fifampiresahana eo amin'ny hery velona rehetra**

**Raharaha Andohan'i Mandroseza** 6

**Nitondra fanazavana ny zandarimariam-pirenena**

**Daka kely**

Toy ny tsy misy ny fifidianana sy ny voka-pifidianan'ialahy isany ry Boaikely a !

FANITRIHANA NY MAHERY FO NINIE DONIA

# Henin-kaja ny ankohonany, ny fianakaviana ary Nosy-Be manontolo

Tontosa ny alakamisy teo tao amin'ny Cimétière any Hell-Ville ny fanitrihana ny mahery fo Ninie Donia. Vahoaka marobe an'alinkisa no nanome voninahitra nanao veloma farany ity mpampianatra, mpanakanto ary mpanao politika ity, tsy avy ao Nosy-Be sy ny faritra Diana ihany, fa saika avy amin' ny lafy valon'ny Nosy mihitsy. Anisan'ny nanome voninahitra farany an'i Ninie Donia tany an-toerana, ny kandidà filoha Marc Ravalomanana sy ny kandidà depiote Siteny Randrianasoloniaiko. Azo lazaina fa henin-kaja ny ankohonany, satria niatrika izao fanaovam-beloma farany azy izao ny zanany mirahalahy, heninkaja ny fianakaviany, i



*Vahoaka marobe toy izao no niatrika ny fanaovam-beloma farany ny mahery fo Ninie Donia.*

Nosy-Be iray manontolo, ireo mpanakanto namany ary ny antoko TIM sy ny RMDM: antoko sy vondrona antoko politika nisy azy farany fahavelony. Na noezahan'ny fitondrana Rajoelina sy ny forongony noverezina hasina aza i Ninie noho ny nanagadran'izy ireo azy, nanandratra azy ambony dia ambony ny tany Nosy-Be, toy ny fandevenam-pirenena mihitsy no nitranga tany an-toerana. Mandria am-piadanana Ninie Donia.

***Isambilo***

Paraina Auguste

# Ompa ho azy ny filazana fa hiara-hiasa amin'i Andry Rajoelina

Manamafy ny kandidà Paraina Auguste fa mafy orina ny firaisankinan'ny vondron'ny kandidà ka tsy azo zarazaraina ampiadiana izy ireo. Nambarany fa:"mahakasika ny video mandeha any tambazotra serasera dia izao no ambarako: ho anay ao amin'ny collectif des candidats dia sahalan'ny tsy misy io fifidianana io. Maro ny resaka notapahina, ka natambatambatra tamin'io video io izay izao vao hitako. Raisoko ho sahalan'ny ompa ho ahy ny filazana fa izaho vonono hanaiky ny valim-pifidianana sy hiara-hiasa



*Ny kandidà Paraina Auguste.*

amin'i Andry Rajoelina. Misaotra anareo namana natoky ka tsy nino an'io mihintsy. Mitohy ny tolona miaraka amin'ny collectif des candidats sy ny vahoaka mitady fahamarinana".

***Niaina***

Fikambanana Adopt any Toamasina

# Manameloka ny antsojay atao amin'ny Pr Sammy Gregoire

Manameloka ny antsojay atao amin'ny Pr Sammy Gregoire, filohan'ny Seces sampana Antananarivo ary zanaky ny Faritanin'i Toamasina, ny fivondronan'ny fikambanana ivondronan'ny zanaky ny faritanin'i Toamasina Adopt. Mitaky izy ireo ny famotsorana an'i Pr Sammy Gregoire Ravelonarivo, ity fikambanana ity, izay ivondronan'ny zanaky ny faritanin'i Toamasina avy ao amin'ny faritra Atsinanana sy Analanjirofo ary Alaotra Mangoro monina ao Toamasina. Mitaky ny anajanonana ny fanenjehana azy ihany koa izy ireo, manoloana ny zavamisy amin'izao fotoana izao, nandritra ny fanambarana nataony. Nitondra ny tenin'izy ireo Andriamatoa Razafindrabe Ernest. Tsy tokony hafangaro hoy ny fanambaran'ny ADOPT ny tolona sendikaly sy ny politika politisianina. Zon'ny sendikalista tokoa ny manao fitokonana, nefa izao ampihorohoroin'ny mpitondra tsy ara-dalàna izao izy ireo, ny ao amin'ny Seces sy ny ao amin'ny Randrana Sendikaly ihany koa.



*Ireo avy amin'ny fikambanana Adopt any Toamasina nanao fanambarana.*

***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainam-pirenena

## Mihàtra eto amintsika ny "maty tsimanota"

Tsy mbola adino ny fisamborana tsy andrariny nihàtra tamin'ny Sekretera Jeneralin'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tsy ela akory izay dia notazonina ihany koa ny Filohan'ny Vondrona Parlementera Tiako i Madagasikara izay nosamborina tamin'ny fomba tsy mendrika, tsy nohajaina ny lalàna satria ny solombavambahoaka dia tsy azo samborina ao anatin'ny fivoriana tsy ara-potoana sy ao anaty fivoriana ara-potoana.

Tokony hisitraka ny '' Tsimatimanonta '' voafaritry ny lalàna ny solombavambahoaka , saingy tsy izany no miseho fa ny '' Maty tsimanota '' no mihàtra eto amintsika, dia ireny niara-nahita ireny ny fisamborana nanjo ireo mpitarika politika mpanohitra sy olontsotra sahy nijoro maneho hevitra , tsy vao tamin'ny Hetsiky ny Vondron'ny Kandida no nisy ny herisetra f'efa nisy ny fisamborana sy fanagadrana ireo niakanjo mena tsy ela akory izay, ireny ilay ambara hoe tetehina ho '' Maty Tsimanonta'', ny porofo mitohoka amin'ny tendany tsy azo ihodivirana dia ny nihàtra tamin'ilay mpanankanto tia tanindrazana Ninie Donia izay tena ara-bakiteny mihitsy ilay hoe ''Maty Tsimanota'' .


F'ireo mitafy ny lokon'ny fitondrana no misitraka ny ''Tsimatimanota'', na mamono olona sy manimba fitaovan'olona sy hita porofo amin'ny sary izao aza dia afaka miriaria tsy misy mpikitika. .

Ny zavadoza dia terena ho lany fihodinana voalohany, amin'ny fifidianana vitsy mpandray anjara i Andry Rajoelina Vazaha, mandrapivoakan'ny vokatra avy amin'ny ''Ceni '' sy ny ''Hcc'' dia sesilany ny fisamborana ireo nahasahy nijoro, ny fatiolona tsy mazava, fa dia lazaina fotsiny hoe ''jiolahy'' ireo maty novonoina, ny azo antoka izany dia vao mainka hahery vaika ny fanaparampahefana tsy andrariny rehefa hahazo indray ny fahefana avy amin'ny ''Hcc'' i Andry Rajoelina Vazaha, ka ry volombomboasary mianakavy hisitraka ny ''Tsimatimanota'', fa ny hafa , indrindra f'ireo mitafy fotsy dia ho ''Maty Tsimanota''.

Tsy kivy isika satria mbola misy ilay Tsitoha mahita ny tsy mety rehetra ary mbola manana ny lanjany sy ny hasiny eto amin'ny tanindrazantsika ny tsiny sy ny tody , noho izany dia tsy hihemotra fa hijoro hatrany ny vahoaka Malagasy, ka tsy hanaiky hatramin'ny farany ny ho entin'i Vazaha Andry Rajoelina. Ny zava-drehetra ihany koa dia tsy maintsy misy ny voalohany sy ny fiafarany.

***Ny Valosoa***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fandresena R.**

Ny Valosoa sy hadihady

# Tian-kano tsy tian-kano no terena atao amin'ny vahoaka izao

Fotoana iandrasana tanteraka ny fanehoan-kerin'ny hery velona rehetra eto amin'ny firenena izao, ho fanoherana ny tsy fahamarinana, ny tsy ara-drariny sy tsy hitsiny manjaka na ampanjakaina eto. Efa tena lasa lavitra amin'ny maha firenena maha izy azy ny firenena malagasy ny zava-misy sy ataon'ireo rehetra mihazom-pahefana. Tsy fanjakan'i Baroa intsony no misy, fa fanjakan'ny mpanao izay maha diavolana ny sainy, ka mampanao ny vahoaka tian-kano tsy tian-kano fotsiny izao. Izany hoe atao izay tsy hampanan-tsafidy ny vahoaka malagasy, fa terena hanaiky izay tian'ireo mihazom-pahefana rehetra amin'ny hitantanany ny firenena. Inona intsony no antenain'ny vahoaka hiaro azy raha ny sokajin'olona ambony izay heverina ho tsy tokony hotohintohinina velively, fa manan-kaja sy hasina, tsy amin'ny tany ama-monina fotsiny ihany, fa eto amin'ny firenena manontolo mihitsy no tsy asiana indrafo, fa anaovana ramatahora sy ampanantsoina eny amin'ny toby fanadihadiana amin'ny heloka bevava ary ampakarina fitsarana mihitsy. Ireo lehiben'ny sendika roa no nihàran'izany. Olona manana ny zony tsy azo kitihina izao "immunité" no ananana fahasahiana lalina misambotra amin-kerisetra sy tazonina andro maro eny amin'izany toerana fanaovana fanadihadiana izany, toy ny olo-meloka. Azo lazaina tanteraka ho sangany amin'ny olom-banona sy élita mihitsy eto amin'ny firenena ireny olona ireny, kanefa tena zimbazimbaina sy anaovana fihetsika na fepetra tsy mendrika fotsiny izao. Izany hoe, ny olona avarapianarana, ny olom-banona sarotiny amin'ny fiarovana fahamarinana sy rariny sy hitsiny, ka te hampanjaka izany eto no lasibatr'ireo mpihetraketraka mpanao tian-kano tsy tian-kano ireo, satria manohintohina sy manohitra ny fihetsiny sy ny fomba ratsy ataony eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny tena hafetsen-dratsy ataon'ireto mpisotasota ireto dia hainy ny manao teny safosiaka mampandry adrisa sy lainga mandrotsirotsy, ho fanampena-maso ireo marivo salosana sy tsy nianatra firy ka mora azo fitahina. Ampiasainy hatrany amin'ny fandraviravezana volabe aza izany, toy ny nataony tamin'ny fifidianana. Soa fa ny maro an'isa amin'ny vahoaka malagasy no nahatakatra izany, ka tsy voavidy vola toy ireo sasany azo fitahina, dia ireny niaraha-nahita ireny ny taha-pahavitrihana nifidy, fa ambany. Eny, na natao mihitsy aza izay nampibontsina izany mba hanafenana ny ratsy atao. Dia izao, na hamoaka vokapifidianana aza ny Ceni anio sy toy izay koa ny an'ny Hcc, dia tsy hampiraika akory ny olom-pirenena izany, satria efa fantany fa tsy ara-dalàna ary tsy nandeha amin'izay laoniny iny fifidianana iny, fa feno hosoka lozan-tany sy tranga ratsy mbola tsy fahita tato anatin'ny 60 taona.

Izany rehetra izany indrindra no mbola iandrasana ny fijoroan'ny olom-pirenena vanona rehetra, saropiaro amin'ity tany ity sy ny fiandrianam-pirenena, fa tsy lova ratsy feno "lo" no havela hipetraka ho an'ny taranaka fara aman-dimby.

***Sôh'son***

Fifidianana Filoham-pirenena

# Anio no voalaza fa hamoaka voka-pifidianana vonjy maika ny CENI



Anio no voalaza fa hamoaka ny vokatra vonjy maika tamin'ny fifidianana amboletra natao ny 16 novambra lasa teo ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana. Raha tokony ho natao omaly izany, nahemotra anio noho ny fandaminana hoy ny ao amin'ity vaomieram-pirenena ity. Nohon'ny asa mbola tsy vita ataon'izy ireo koa no anton'izao fanemorana izao. Raha ny vaovao navoakan'izy ireo, tsy mbola ny vokatra rehetra no voakirakira, mbola misy ireo tsy azo, tsy hahasakana ny hamoahan'izy ireo ny vokatra vonjy maika anefa izany, izay mbola misy any amin'ny 10% maherin'ny biraom-pifidianana. Etsy ankilany, tsy niandry ny valim-pifidianana vonjimaika avy amin'ny CENI ny avy ao amin'i HCC: fitsarana avo momba ny lalampanorenana, fa avy hatrany dia nanomboka ny asa momba izay resaka voka-pifidianana izay hoy ny filohany, Florent Rakotoarisoa. Ho an'ny vondron'ny kandidà momba ity resaka voka-pifidianana sy fifidianana natao ny 16 novambra lasa teo ity, toy ny tsy misy izany fifidianana natao izany amin'izy ireo.

***Niaina***

**RAHARAHAM-PIRENENA**

# Nihaona indray ny vovonana PAN/FFKM sy ny vondron'ny kandidà

Nihaona indray ny vovonana filohan'ny Antenimierampirenena (PAN) sy ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara ary ny vondron'ireo kandidà omaly teny amin'ny lapan'i Tsimbazaza. Tonga tany avokoa ireo avy amin'ny vondron'ny kandidà miisa 10, ny mahakasika ny raharaham-pirenena no heverina fa noresahana tamin'izany, indrindra ny mahakasika ny fahavitan'ilay fifidianana amboletra sy ny hivoahan'ny vokatra tamin'izany, izay tsy ara-dalàna sy feno hosoka. Ireo vondron'ny kandidà dia efa nanambara fa heverin'izy ireo ho toy ny tsy misy iny fifidianana iny, noho izany ny vokatr'izany dia heverin'izy ireo ho toy ny tsy misy ihany koa. Voaresaka koa ny amin'ny ho firosoana amin'izay ho amin'ny fifampidinihana amin'ny hery politika rehetra, ny sokajin'olona samy hafa eto amin'ny firenena, handaminana izao olana politika misy eto amin'ny firenena izao noho ny resaka fifidianana, sy ny tsy fanarahan-dalàna maro ataon'ireo mpitondra amin'izao fotoana.

***Isambilo***



*Ireo vondron'ny kandidà teny Tsimbazaza.*

*TONONKALO*

## *Vao mainka hitohy ny gidragidra ?*

Maro no efa tsy manaiky izay ho voka-pifidianana,
Be ireo efa nanakiana ny tsy fahatomombanana,
Saingy indreo mikiry hatrany ry zareo mpangala-bato
Ka manery ny hamoahana ireo vokatra ato ho ato !

Tena ny haingana indrindra, hahafahany manainga,
F'efa dodona sy maika ny hijoro Rainilainga.
Miasa mafy ireo komity mba hanao ny tsy fanao,
Dia toy izany koa « ireo avo » efa tsisy kalitao !

Iretsy « folo » izay nitaona ireo vahoaka tsy hifidy
Dia nilaza fa tsy hanaiky n'iza hibaiko hamoaka didy.
Raha izany, irony fery mety hivadika ho dridra,
Ka vao mainka tsy hilamina fa hitohy ny gidragidra !

…Dia andrasana ny tohiny, inona no mety hitranga
Fa ny lanitrao ry nosy toa tsy mety mihamanga ?
Kolikoly, risoriso, izay no enti-mifaninana,
Hany ka tsy mahagaga raha mitohy ny hamaizinana !

***IRINA HO TAFITA (24-11-23)***

Ralaiarimanana, filohana antoko mpihira

# Tsy azo ihodivirana ny fifampireahana eo amin'ny hery velona rehetra

Tsy mbola tara raha miroso amin'ny fifampidinihana ny fitondram-panjakana, miaraka amin' ireo hery velona eto amin'ny firenena, na dia eo am-piandrasana ny voka-pifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany, izay natao amboletra ny Alakamaisy 16 Novambra 2023 lasa teo, hoy Andriamatoa Ralaiarimanana filohan'ny antoko mpihira Taratry ny Mazava, no sady mpitaiza tanora. Nanamafy ity tompon'nandraikitra ity, fa tsy mora ho an'ny olona iray ny manangana trano tsara fototra ary tokony ho ao anatin'ny fiaraha-mientan'ny rehetra, no ahafahana manarina miaraka an'i Madagasikara ary tsy vahaolana ny fampihorohoroana sy ny antsojay atao amin'ny olona tsy mitovy firehan-kevitra amin'ny tena. Nanambara Andriamatoa Ralaiarimanana, fa tokony hiara-hikaon-doha ny Ray aman-dreny am-panahy sy ny ara-drazana ary ny mpisehatra politika, mba hahafahana mametraka zavatra marim-potota, ho fitsinjovana ny fiainam-bahoaka, satria efa miharatsy andro aman'alina ny sosialim-bahoaka ary miangavy an'ireo olona manantsaina, mba tsy hanao zavatra tsy am-piheverana intsony ka hampiditra an'i Madagasikara ao anatin'ny kizo lalina vokatry ny fitiavam-pahefana sy ny fitiavan-tena ary ny fitiavam-bola . Nanamafy ny filohan'ny antoko mpihira Taratry ny Mazava, fa tokony hitandrina ny rehetra manoloana ny fivoaran'ny raharaham-pirenena, satria efa sorena manoloana ny zava-misy ny fiarahamonina Malagasy ary atahorana tsy ho voatazona intsony ny firaisankinan'ny Malagasy, ka hiafara amin'ny fifandonana noho ny tsy fitovian-kevitra politika izao toe-draharaha izao. Namarana ny fanehoan-keviny Andriamatoa Ralaiarimanana, fa tsy azo ihodivirana ny fifampiresahana, ho fitadiavam-bahaolana ary ankino amin'i Jehovah Andriamanitra ny zavatra rehetra hatao eto amin'ny tany sy ny fanjakana, mba hisian'ny filaminana sy ny fandrosoana ho an'ny mpiray tanindrazana.

***Franck razakambelo***



*Ralaiarimanana, filohana antoko mpihira sady mpitaiza tanora.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Bebel, Lenda William

**Nandritra ny fanitrihana ny nofo mangatsikan'ilay Mahery Fo Ninie Donia: mpampianatra teny Anglisy, Mpanjakavavin'ny Salegy, mpanao politika, tany Hell-Ville Nosy-Be faritra Diana ny alakamisy teo..**

















## NY TENY FIAINANA




*"Mivavaha, ka aza mitsahatra."*

***I Tesaloniana 5:17***

### Basket Road To Bal 2024 – Division East

# Tafita amin'ny lalao ankatoky ny famaranana ny Cospn

Faharoa tao amin'ny vondrona B nisy azy ny ekipan'ny Cospn Madagascar tamin'ny fifaninanana basikety « Road To Bal 2023 – Division East » tanterahina any Afrika Atsimo ankehitriny ka tafita hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana anio asabotsy 25 novambra 2023 ary hikatroka amin'ny ekipan'ny Cape Town Afrique du Sud mpampiantrano. Fandaharan-dalao ankatoky ny famaranana, asabotsy 25 novambra 2023 : Lalao n° 13 : 14h00-City Oilers (UGA) # Dynamo Bbc (BDI), Lalao n° 14 : 17h00-Cape Town (RSA) # Cospn (MAD). Fandaharan-dalao alahady 26 novambra 2023 : Famaranana : 14h00-Mpandresy lalao n° 13 # Mpandresy lalao n° 14, Fiadian-toerana faha-3 : 17h00-Resy tamin'ny lalao n° 13 # Resy tamin'ny lalao n° 14. Voka-dalao rehetra azon' ny Cospn nandritra ity fifaninanana ity : 21 nov. 2023 : City Oilers (UGA) 81 - 76 Copn (MAD), 22 nov. 2023 : Cospn (MAD) 88 - 57 Ferroviaro Da Beira (MOZ), 23 nov.2023 : Cospn (MAD) 78 - 73 J.B.C (ZIM).



*Ekipan'ny Cospn any Afrika Atsimo.*

**Rainilita**

### Tennis Championnat de Madagascar

# Raikitra eny Ankadikely Ilafy ny Toutes Catégories sy Vétérans 2023

Na dia voatery nahemotra aza dia raikitra ihany eny amin'ny kianja COT « Club Olympique de Tananarive » eny Ankadikely Ilafy, hanomboka amin'ny alatsinainy 27 novambra, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 03 desambra 2023 ny fifaninanana tenisy «Championnat de Madagascar Toutes Catégories & Vétérans 2023 », izay ho karakarain'ny FMT « Federation Malagasy de Tennis » tarihan'ny filohany amperinasa, Rakotomaniraka Naina antsoina hoe Naina Zandina sy ireo ekipa miaraka aminy ary ireo mpiara-miombon'antoka rehetra amin'ity FMT ity tarihan'ny orinasa Telma nokasaina ho tanterahina tamin'ny volana aogositra lasa teo. Mpikatroka hahatratra 145 avy amin'ny ligim-paritry ny tenisy miisa 7 no handray anjara amin'ity fifaninanana ity ka hahitana an'ireo sangany amin'ity taranja ity ankehitriny (toa an'ireo tompondaka ankehitriny toa an-dry Rakotomalala Roméo, Raharivony Nicolas, Ramanantoanina Ravaka, Randriamihajasoa Tsanta sns…, ary koa ireo nahazo « Wild Card » tamin'ny Federasiona. Hisy ihany koa ireo mpilalao mpila ravinahitra any ivelany toa an-dry Rajaobelina Iriela, Rasendra Fenosoa ary Rakotomalala Mahefa handray anjara amin'ny fifaninanana. Fantatra tamin'ny valandresaka hoan'ny mpanao gazety nataon'ny FMT tetsy amin'ny Acsa Ambohidahy tamin'ny alakamisy 23 novambra 2023 teo fa hahazo tombony manokana ireo mpikatroka avy any amin'ny Faritra noho ny fisitrahana voalohany amin'ny tolotra homen'ny mpiara-miombon'antoka vaovao amin'ny FMT dia ny Soatrans eo amin'ny fitaterana azy ireo miakatra ny renivohitra amin'io fifaninanana io. Efa am-pandinihana ihany koa, hoy ny heno tetsy Ambohidahy, ny hangatahana amin'ity kaoperativam-pitaterana ity ny hanaovana « navette » hampifandray amin'ny COT Anakadikely Ilafy. Hahazo rano fisotra avy amin'ny Eau Vive ihany koa ireo mpifaninana rehetra mandritra ny fiatrehana an'ity fifaninanana ity. Tsy ho latsadanja noho ny tamin'ny taon-dasa ireo « prime » ho azon'ireo mpandresy amin'ity fifaninanana ityn hoy hatrany ny fanambarana heno teny Ambohidahy. Efa natsidiky ny DTN ao amin'ny FMT ihany koa sahady ny hanatanterahana ny hetsika « Open Bmoi » hitiliana an'ireo mpilalao tanintketsa mialohan'ny fiafaran'ity taona ity.




*Mpitantana ny FMT tetsy Ambohidahy.*

**Rainilita**

### Phase zonale Championnat d'Afrique Football Scolaire

# Firenena faha-11 handray anjara i Madagasikara

Firenena faha-11 eo amin'ny fiadidian'ny COSAFA « Council of Southern Africa Football Associations » handray anjara i Madagasikara hiaraka amin-dry Zimbabwe, Angola, Botswana, Eswatini, Malawi, Mozambique, Namibie, Seychelles , Afrique du Sud ary Zambie i Madagasikara amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana « Phase zonale du Championnat d'Afrique de Football Scolaire » hatao any Harare Zimbabwe amin'ny 14 ka hatramin'ny 16 desambra 2023 ho avy izao. Fandraisana anjara voalohany hoan'i Madagasikara amin'ity fifaninanana ity izao hatrehany izao. Ho an'i Madagasikara dia tsiahivina fa tamin'ny alakamisy 02 novambra 2023 teo no tontosa tetsy amin'ny Kianja « Stade Annexe Mahamasina » ny fanolorana ny amboara hoan'ireo ekipa tompondaka teo amin'ny fifaninanana « Championat National Scolaire 2023 » dia ny Epp Belinta Boeny teo amin'ny sokajy U 13 zazalahy, ny Geg Référence Fitovinany teo amin'ny sokajy U 15 zazavavy ary ny Geg Référence Vitovinany hatrany teo amin'ny sokajy U 15 zazalahy.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy petit pois indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# 1,5 litatra-2,5 litatra isan'andro ny rano tokony ho sotroina

Tokony 1,5 litatra-2,5 litatra isan'andro ny rano tokony ho sotroina, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tokony tsy mihoatra ny 2,5 litatra ny rano sotroina, tokony tsy ho latsaky ny 1,5 litatra isan'andro. Mamono ny fisotroana rano be loatra ,very ny electrolytes. Mamono ny tsy fahampiana rano , tsy ampy electrolytes.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Sahambala distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Sahambala distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sahambala ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo. Misy mpanjono ihany koa ny mponina any Sahambala, ankoatra ny mpamboly sy mpiompy.



RAHARAHA ANDOHAN'I MANDROSEZA

# Nitondra fanazavana ny zandarimariam-pirenena

Andro vitsivitsy tao aorian'ilay raharaha fifampitifirana teny Andohan'i Mandroseza Boriboritany faharoa eto Antananarivo Renivohitra, nitondra fanazavana ihany ny zandarimariam-pirenena. Nambaran'izy ireo nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety omaly fa fanafihana faha-5 farany nataon'ireo jiolahy iny nahafatesana olona 5 iny. Araka ny fanazavana : nitrangana fanafihana nitam-piadiana nisesisesy teto Antananarivo-Renivohitra sy ny manodidina, nanomboka ny 31 oktobra 2023 hatramin'ny alahady 19 novambra 2023. Isan' izany :
- Ny tamin'ny 31 oktobra teny Anjanamasina kaominina Anosiala Distrikan'Ambohidratrimo ( nanjo ny Chef contentieux DGE);
- Ny 02 novambra 2023 teny Masinandriana kaominina Ankadikely Distrikan'Antananarivo Avaradrano;
- Ny 14 novambra 2023 teny Amboanjobe kaominina Bogantsara Distrikan'Antananarivo Atsimondrano;
- Ny 19 novambra 2023 teny Amborompotsy kaominina Talatamaty Distrikan'Ambohidratrimo.

Tao anatin'ireo fanafihana voatanisa ireo dia tsikaritra nandritra ny fanadihadihana sy ny fikarohana, fa nitovy hatrany ny fomba fiadin'ireo olondratsy amin'ny fidirana tsotra anaty tokantranon'ireo olona voatafika ireo, satria milaza izy ireo fa mpiasan'ny BIANCO, no sady nampiasa hatrany ilay fiara tsy mataho-dalana miloko fotsy tsy misy laharana afara, izay voarakitry ny "caméra de surveillance" izany.



*Ireo avy amin'ny zandarimariam-pirenena nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

Nohatevenina ny fikarohana ireo olon-dratsy, no sady nandeha hatrany ireo fanangonam-baovao isan-karazany.
Nanampy betsaka ireo mpitandro filaminana ny fisian'ireo «caméra de surveillance», na izany ireo napetraky ny fanjakana na an'ireo olon-tsotra na an'ireo voatafika, ka hita foana ilay fiara 4x4 Land Cruiser sy ny lalana nalehany nandritra ireo fanafihana.
Napetraka ny vela-pandrika sy ny fitsongoana dia an'ireo jiolahy nandritry ny andro maro, ka ny talata 21 novambra 2023 dia teo am-piketrehana sy fanohizana ny asa ratsiny no nifanehitra tamin'ny zandary ireo jiolahy tetsy Andohan'i Mandroseza.
Raikitra ny fifampitifirana, satria tsy nanaiky mora ny fisamborana ireo jiolahy, indrindra ny fahitan'izy ireo ny mpitandro filaminana. Vokany: 5 tamin' ireo jiolahy no namoy ny ainy teny an-tsehatra niaraka tamin'ireo fitaovampiadiana, raha 03 kosa azo sambom-belona ifotony (1), sy nandritry ny fikarohana (2).
Samy niaiky ny heloka anenjehana azy avokoa izy telolahy azo sambobelona, sy namboraka ny tena zava-nisy ary voaporofo tamin'ny alalan'ny "réquisition téléphonique" sy ny "reconstitution" ary ny fahitana ireo entana voaroba nandritran'ireo fanafihana voalaza eo ambony sy ny andron'ny faha 21 novambra: Clés USB, firavaka maro samihafa, taratasy miendrika fisolokiana maro, basy poleta miaraka amin'ny bala, fitombokasem-panjakana sandoka, fanamiana, vola, finday ...
Voaporofo fa kômandà iray efa niasa tao amin'ny FIS no atidoha nikotrika ireo asan-jiolahy maro niseho teto Antananarivo, sy ny manodidina ary izy no mamatsy ireo fitaovam-piadiana maro samihafa. Anisan'ireo voasambotra, Adjudant iray izay efa mpamerin-keloka amin'ny fanafihan-jiolahy, ka efa voafonja teny Tsiafahy taloha, sy sivily iray efa voasazy teny Antanimora. Nambaran'ny Lehiben' ireo Miaramila, fa efa tsy laitran'ny fananarana ireo voasambotra ireo ary efa eo andalam-pisaziana ara-miaramila noho ny fitondran-tena tsy mendrika, no izao tratra izao.
Mahakasika ny resaka vola voalaza avy amin'ny tambazotran-tserasera indray, fanelezana vaovao tsy marina izany raha ny nambaran'ny zandary. Vola 100 ariary sy 200 ariary mihoson-drà maromaro no niparitaka tao anaty fiara. Fantatra fa nampiasa tranombala (étui percuté) ihany koa ireo Jiolahy nandritra ny fifampitifirana.
Mahakasika ny fanamiana miaramila izay voalaza, fa nohesorina dia nanambara hatrany ireo zandary fa nihantona teo amin'ny sezan'ny fiara ireo fanamiana ireo fa tsy nanaovana.
Ny tao amin'ny Antenimierampirenena koa nilaza, fa tsy misy mpiasa tao amin'izy ireo ireo olona 5 maty voatifitra.
Nametraka fitoriana ny avy ao amin'ny Bianco, satria nanambara ireto farany, fa hosoka ireo taratasy sy fitomboka maro hita tao anaty fiara."

**Stefa**

Voka-pifidianana

# Tsy hifankaiza amin'ny vokatra havoakan'ny CENI ny an'ny HCC

Amin'izao fotoana anoratana izao dia mbola tsy nivoaka ny valim-pifidianana vonjimaika avy amin'ny "Ceni", satria anio sabotsy indray hono, dia asa na hihemotra indray na tsia .
Fa na hivoaka anio io na hihemotra amin'ny manaraka dia efa azo sary antsaina ny voka-pifidianana havoakan'ny Vaomierampirenena '' Mahaleotena '' misahana ny Fifidianana, vokatra efa nampoizina : hiakatra ny tahan'ny fandraisan'anjara, ary ho lany fihodinana voalohany i Vazaha Andry Rajoelina, raha ny mifanohitra tamin'ireo voalaza ireo no nivoaka dia mety ho gaga sy talanjona ny mpanarabaovao.
Ny azo ambara tsy ampihambahambana dia tsy mahaleotena ny ''Ceni'', tsy marina izany ilay hoe ''independant'' fa mety misy heviny hafa ilay ''i'', mety hoe ''im…." na '' id…'', dia mihazakazaka ihany koa ny "Hcc", hamoaka vokatra ihany koa dia azo antoka, fa tsy hifanalavitra amin'ny vokatra navoakan'ny "Ceni", fa hiampy fotsiny ny filazana hoe haverina ny antombola naloan'ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny Depiote Siteny Randrianasoloniaiko, fa samy nahazo folo isanjatony izy ireo.
Marihina fa na ny " Ceni" na ny "Hcc" dia rafitra samy nanao fianianana avokoa.

**Ny Valosoa**




Ligin'Alaotra Mangoro Volleyball

# Nandray ny Federasiona FMVB notarihan'ny filohany

Nandray ny mpikambana ao amin'ny FMVB « Fedeation Malagasy de Volleyball notarihan'ny filohany, Raharimalala Léa, izay miezaka mamelo-maso an'ity taranja ity manerana ny nosy ankehitriny ny Ligin'Alaotra Mangoro tamin'ny asabotsy 18 sy alahady 19 novambra 2023 lasa teo ka nitarika ny fandraisana azy ireo ny filohan'ity ligy ity, Atoa Manantsoa. Feno dia feno ny fandaharam-potoana natrehana tamin'izany ka nisy ny dinik'asa samy hafa niarahana tamin'ireo solontenan'ny Ligy sy Sekisiona ao anatin'ny Faritra Alaotra Mangoro, nisy ihany koa ireo fihaonana ara-panatanjahantena sy ara-pirahalahiana izay natao tao amin'ny La Place, an-tampon-tananan'Ambatondrazaka, teo amin'ireo mpitantana ny sekision' Ambatondrazaka, Andilamena, Tanambe ary ny ekipa ny Fmvb. Nisy koa ny fanofanana an'ireo mpitsara any antoerana sy ny fanolorana indrindra boky mikasika ny fivoaran'ireo fitsipi-dalao (règlement) maneran-tany, ka izany no natao dia ny mba tsy hahatompon -trano mihono ny mpilalao Volleyball malagasy indrindra fa ireo taninketsa. Marihina fa tafiditra ao anatin'ny fanomanana ny fihaonamben'ny mpitia Volleyball « Fiarahamikorana izay anasan'ny Federasiona ireo mpankafia ny taranja Volleyball tsy ankanavaka » izay hatao eny amin'ny Yandy Bypass, amin'ny zoma 8 desambra 2023 izao ity hetsika ity.

**Rainilita**


*FMVB tany Ambatondrazaka.*

LNR Sports Management tohanan'ny MJS

# Hikarakara tetikasa « baolina kitra Mahatafita »


*Ireo tanora 60 mirahalahy teny Mahamasina.*

Hikarakara tetikasa « baolina kitra Mahatafita » ny « LNR Sports Management » tohanan'ny MJS ka nampahafantarina tamin'ny fitafatafana tamin'ny mpanao gazety natao tetsy amin'ny trano fivorian'ny Kianjan'i Mahamasina tamin'ny alakamisy 23 novambra 2023 ny antsipirihan'ity tetikasa ity. Fantatra tamin'izany fa tanora Malagasy miisa 60 no mivondrona eto Antananarivo ankehitriny fa voafantina hiatrika ny « Madagascar Terre de Football », eo ambany fitarihan'ny Coach Wissem Maaref , « expert » amin' ny baolina kitra eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena. Voalaza tamin'ity fihaonana ity ihany koa fa ny tanjona amin'ity tetikasa ity dia ny fizahana nasionaly ireo tanora kintan'ny baolina kitra malagasy manana salan-taona 17 hatramin'ny 20, izay tafiditra sahady amin'ny fanomanana an'ireo mpilalao mpandimby ny ekipa nasionaly ary ho fampiroboroboana ny baolina kitra amin'ny sehatra matihanina. Tonga nanatrika an'izany ny avy amin'ny MJS notarihan-dRtoa Tale Jeneraly misahana ny Fanatanjahantena izay niarahaba an'ireo tanora 60 voafantina tao anatin'ireo 2500 manerana ny faritra 8 (Antananarivo, Toliara, Fianaratsoa, Morondava, Toamasina, Antsiranana, Mahajanga ary Antsirabe) ireo ary nanambarany ihany koa fa ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena dia vonona mandrakariva hanolo-tanana amin'ny fikarakarana an'ireo mpanao fanatanjahantena malagasy.

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/11/2023 hatramin'ny 18/11/2023**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 032 12 736 66 / 034 98 742 23
- **D'IVANDRY** (Ivandry) 032 03 549 76/038 12 549 77/033 11 549 76
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69 / 034 05 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 76 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1499-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Tsy firenena potika no havela holovain'ny taranaka any aoriana

Mihazakazaka miroso hatrany mankany amin'ny fahasimbana tanteraka ny fiarahamonina eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ny fahitana ny zava-mitranga tato ho ato no ilazana izany. Atao tsinontsinona ny fanomezan-danja ny aina. Toy ny mamono biby ny mamono olona. Miaina ao anaty tsy fitoniana na tsy fandriampahalemana ny vahoaka noho ny firongatry ny asan-jiolahy sy dahalo. Kanefa tsy ireo intsony fotsiny izao no manao izany fa na hatramin'ny olona tokony hiaro ny vahoaka sy ny fananany aza lasa mandratra sy mamono ilay vahoaka ihany koa. Saro-toerana tanteraka ny fiahiana ny aina sy ny maha olombelona ankehitriny ary mitarika ny saina izany hijery ankapobeny ny fiaraha-monina sy hisaina ny amin'ny hoe ho aiza ny hiafaran'ity firenena ity raha izao no mitohy?
Matetika ny sain'ny olompirenena no mitodika any amin'ny lafiny fanabeazana sy fampianarana. Mazava loatra, fa tompon'andraikitra amin'izany ireo mpisehatra rehetra ao anatin'izany izay namolavola olona ankehitriny tsy miahotra ny manatanteraka habibiana amin'ny endriny samihafa. Mbola mitoetra mandrakariva rahateo ilay teny ao amin'ny Baiboly hoe " Zaro amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiàla amin' izany". Mazava be io teny io, fa ny fanabeazana sy ny fampianarana nomena azy tany amin'ny fahazazany no toetrany rehefa lehibe izy. Ratsy taiza izany, araka izany, ireo rehetra mivily lalana ankehitriny tsy manàja sy manaraka ny soatoavina maha malagasy sy ny fiarahamonina ary indrindra ny maha kristiana. Izany anefa no mampivily lalana ny firenena amin'izao fotoana izao ary mampizotra azy ho any amin'ny fahapotehana.
Tsy izany zava-misy izany no avela holovain'ny taranaka any aoriana. Hadisoana lehibe amintsika mpiray tanindrazana miaina amin'izao fotoana izany raha toa ka misy fandraisany andraikitra hanova. Efa anisany mandray anjara biriky amin' izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ary miandry ny olom-pirenena izy hiarahientana aminy amin'izany ho fanarenana ity firenena ity. Ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika fa ny tanjony dia ny hanatanteraka ny Vinan'Andriamanitra amin' ity Madagasikara ity. Ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

### Kandida Siteny

# Mangataka fanafoanana ny fifidianana sy ny fanintsanana an-dRajoelina

Nanao fanambarana omaly ny kandidà Siteny Randrianasoloniako sy ireo mpiara-dia aminy. Mangataka izy ireo ny hanafoanana iny fifidianana tamin'ny 16 novambra lasa teo iny, mitaky koa izy ireo ny fanintsanana na ny disqualification ny kandidà Andry Rajoelina. Nangataka koa izy ireo ny fampitahana na ny Confrontation des PV , BV / BV. Nametraka fitoriana any amin'ny HCC koa, mba hanafoanana iny fifidianana feno hosoka iny. Momba ny PV dia amin'ny baoritra maro ny PV antanan'izy ireo araka ny fanambarana. Nilaza ny kandidà Siteny fa: " aza maika ny hamoaka vokapifidianana raha tsy mazava tsara ny resaka nationalité-an-dRajoelina sy Sendrison Daniela, satria tsy tomombana ny fifidianana rehetra sy ny vokany nohon'ny fisiana kandida tsy mahafeno fepetra. Tsy mifanaraka koa ny PV avy amin'ny Pro Siteny sy ny avy any amin'ny SRMV. "

***Isambilo***





***Ny kandidà Siteny sy ireo mpiara-dia aminy.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 450**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0449)

*Mitsivalana*
- Vehivavy
- Alefa – Fo (miv)
- Lotoina
- SN – Ota
- Ski – As
- Korana
- Anarana

*Mitsangana*
- Valosoa
- Elo
- Hetsika
- Nofy (miv) – Ro (miv)
- Vay – Ora
- No – (T)an(y)
- Voatana
- If – Asa

## TENY MIFANAPAKA N° 450




**Mitsivalana**
**1.** Karazana legioma – Tsirin-teny Mpanao **2.** Resy – Mahadomelina **3.** Manambara lera – Toerana **4.** Manao fitsidihana **5.** Laharana (miv) **6.** Teny fanehoana (miv) Tsy mahafoy tanàna iray **7.** Sakafo – Nandray (BR) **8.** Tsy tonta (miv) – Tia, iry **9.** Kianteny – Milaza fananana (miv) **10.** Mpikarama (miv) – Esotra

**Mitsangana**
**A.** Vahoaka eran-tany **B.** Foto-tsakafo – Kanto (miv) **D.** Ampela (miv) **E.** Mpanondro toerana – Tovona (miv) – Mahantra **F.** Bozaka **G.** Anelanelan'ny vato – Manao fanekena (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Mpilalao mandray vola **J.** Feo miverina – Didy mipetraka (miv) **K.** Mampisafidy – Tafita amin'ny sarotra

### Valiny Teny mifanaraka 0449

**Mitsivalana**
**1.** Peratra - Re **2.** Anana - Mamo (miv) **3.** Tinapaka **4.** Mirona (miv) - Nao **5.** (A)lam(o) - RN **6.** Atrika **7.** Hasoavana **8.** Aty - Atody **9.** Antitra **10.** Ivato - Atao

**Mitsangana**
**A** Pataloha **B.** Enina - Vata (miv) **D.** Ranomasina **E.** Rana (miv) - To - TT **F.** Tapitra - Io **G.** Ma (miv) - Tavy (miv) **H.** (L)aok(a) - (S)okatra **I.** Man - Taona (miv) **J.** Rà - Ar - Ad(y) **K.** Embona - Ilo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Bebel, Lenda William

**Nandritra ny fanitrihana ny nofo mangatsikan'ilay Mahery Fo Ninie Donia: mpampianatra teny Anglisy, Mpanjakavavin'ny Salegy, mpanao politika, tany Hell-Ville Nosy-Be faritra Diana ny alakamisy teo (tohiny).**





